REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FAMPITAM-BAOVAO

Fihaonana faha roa amby telopolon'ny Vondrona Afrikana : Ho fanamafisana ny fiaraha-miasan'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena

Nigadona ao Addis-Abeba, renivohitra etiopiana ny delegasiona malagasy notarihan'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry Rajoelina, ny harivan'ny sabotsy 09 febroary. Hanatrika ny fivoriana tsy ara-potoanan'ireo Filoham-panjakana sy filohana governemanta, andiany faha-32 ho an'ny vondrona afrikana.

Nanatrika avy hatrany ny fanasan'ny Praiministra etiopiana hiara-hisakafo aminy, tao amin'ny trano fandraisam-bahiny "Sky Light" ny delegasiona notarihin'Atoa Filohampirenena vao nigadona tao Addis Abeba.
Izao no fitsidihana iraisam-pirenena voalohany nataon'ny Filoha Andry Rajoelina, taorian'ny fianianany nandraisany ny fahefana feno amin'ny maha filohampirenena azy ny 19 janoary 2019. Hanana anjara fitenenana manokana izy amin'izao fiatrehany voalohany ny fivoriamben'ny vondrona Afrikana izao, mandritra ny lanonam-panokafana hatao ny alahady 10 febroary 2019.

Roa andro no haharetan'ny fivoriana, ka ny loha-hevitra nosafidiana tamin'ity andiany faha-32 ity dia ny hoe "mpitsoa-ponenana, mpifindra monina : firosoana mankany amina vahaolana maharitra ho an'ireo mifindra lasy an-tery aty Afrika". Firenena 41 no handray anjara amin'izao fihaonana an-tampony izao.

Mandritra ny fandalovany ao Addis-Abeba, ny Filohampirenena Andry Rajoelina dia hihaona amin'ireo Filoham-pirenena afrikana maro, ireo lehibena fikambanana iraisam-pirenena, ary ireo mpandraharaha ara-toekarena sy mpampiasa vola vahiny izay liana hifandrimbona amin'i Madagasikara.

Ny talata 12 febroary 2019 no hitodi-doha any an-tanindrazana ny delegasiona Malagasy